

# VAOVAO tonga dia VAVAKA

"CONNAITRE CHRIST ET LE FAIRE CONNAITRE AUX ETUDIANTS"

NUMERO: MARS & AVRIL. 2023

## TSY TIAKO TSY HO FANTATRAREO RY RAHALAHY (ANABAVY)!

Fomba fitenin'I Paoly ao amin'ny epistiliny io fehezanteny io. Ao amin'ny 1 Kor 12: 1-3 dia manambara an'io fehezanteny io izay momba ny zava-panahy, ary dia tohizany hoe fantatrareo….. Mampahafantatra anareo aho!
Miverimberina in- 264 ao amin'ny Baiboly ny teny hoe fantatrareo, fantatro, fantatsika, fantatray, fantany, mampahafantatra. Na ny mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha, na Jesoa Kristy, na ny Apositoly dia miteny an'ireo avokoa.
Raha jerena ny dikanteny frantsay ny matoateny hoe mahafantatra dia savoir izay azo lazaina hoe manana fahalalana ampy amin'ny zavatra anankiray, ohatra hoe mahafantatra verset biblique na tenim-pirenena hafa iray.

Misy heviteny hafa koa anefa izay mahaliana antsika voarakitra ao anaty ny teny hoe savoir. Misy ohatra vitsy ireto:

**1- Resy lahatra amin'ny zavatra iray.** Ohatra: Fantatro fa mafy orina ny teny izay nampianarina ahy, tsy anganongano fa tena miorina amin'ny zava-misy, faits. Lioka 1: 4;

**2- Manana fahalalana ao anatinao ianao fa misy ny zavatra anankiray ary inonao fa marina.** Ohatra: fantatro fa manana fiainana mandrakizay aho. 1 Jao 5: 13;

**3- Mahafantatra ny mahazava-dehibe sy ny lanjan'ny zavatra iray.** Ohatra: hoy Paoly: "Mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halaliny, ary hahalala ny fitiavan'i Kristy.." Efes 3:18-19.

Ny dikanteny frantsay faharoa ny hoe mahafantatra dia connaître, izay manana hevitra maro koa ary azo hilazana fahatantarana olona: ny anarany, ny momba ny toetrany, ny maha izy azy ao anatiny. Jesosy no

### Journée de Prière 1 Mai

Faly mamangy antsika rehetra isaky ny GBL tsirairay avy amin'ny alalan'ity Vaovao tonga dia vavaka ity. Tonga indray ny fotoana natokatsika hitondrana am-bavaka ny fikambanana isaky ny voalohan'ny vola May. Koa manentana ny mpiandraikitra isaky ny Local mba hanomana tsara ny Journée de Prière UGBM, GBUAF, IFES. Raha azo atao dia tsara raha atao fotoana fifadian-kanina io andro io. Ny tapak'andro maraina dia tokony hisy fampianarana hampatsiahivana ny maha-zava-dehibe ny VAVAKA. Aza adino ihany koa fa toy ny fanao dia manome fanomezana ho an'ny GBUAF isika. Koa samia miomana ny ho amin'izay.
Mivavaha ka aza mitsahatra, mahareta amin'ny fivavahana.

Haja Lalaina

miteny an'io ao amin'ny Jao 10:14: "Izaho no Mpiandry Tsara; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho" na "Je suis le Bon Berger, Je connais mes brebis et elles me connaissent." Tena fahasoavana lehibe ny fahafantaran'ny Tompo antsika sy ny fahafantarantsika Azy!

Fantatsika fa ao anatiny ny Tenin'Andriamanitra no fototry ny fahalalana na fahafantarana an'Andriamanitra sy izay sitrapony amintsika olombelona. Ny Ohabolana 9:10b dia milaza mazava tsara fa: "Ny fahafantarana ny Iray Masina no fahazavan-tsaina." Hoy koa Jesoa Kristy: "Dinihinareo ny Soratra Masina, ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy". Jaona 5: 39. Paoly koa dia milaza fa "Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanintsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra." 2 Tim 3:16. Voalazan'I Jaona mazava tsara ny antony nanoratana ny Filazantsara: "Fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ary mba hanananareo fiainana amin'ny anarany, raha mino hianareo."Jaona 20:31

Mety mipetraka ary ny fanontaniana hoe: Aiza ary ny toeran'ny finoana eo anatrehan'ny fahalalana? Azontsika lazaina fa mifameno izy roroa.
Tsy resaka sentiment na feeling fotsiny mantsy ny finoantsika any Jesosy fa tena miorim-paka amin'ny **fahafantarana** tsara ny fahamarinana fototra voalaza ao amin'ny Baiboly, vérités bibliques fondamentales, momba an'Andriamanitra telo izay iray, ny maha zanak'Andriamanitra antsika miaraka amin'ny tombontsoa, zo, sy andraikitra (privilèges, droits, responsabilités) hananantsika sy miandry antsika, ny ho avin'izao tontolo izao, sns.

Amin'ny maha Groupe Biblique antsika, dia mampiasa ny saina sy ny fahalalana ny Tenin'Andriamanitra hitomboana amin'ny finoana isika. Enga anie ho **fantatsika** mandrakariva ny maha zava-dehibe ny fanaovana méditation personnelle, ny études bibliques ary ny manaraka FAFI. Zava dehibe daholo ireny mba tsy hitoerantsika ho zaza ara-panahy eny foana "ka ahilangilana sy ampitambolimbolen'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana. " Ef 4 : 14.

Mangataka amin'ny Tompo isika mba hahay manazava tsara sy miaro ny finoantsika amin'ny fomba ara-tsaina, eo anatrehan'ny olona hafa finoana na mitady manozongozona ny finoantsika, *savoir présenter et défendre notre foi de façon rationnelle/intellectuelle.*

Ho famaranana dia mivavaka isika mba hitombo mandrakariva amin'ny fitiavana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fahalalana ary ny fankatoavana azy, hahafantarantsika bebe an'i Jesoa Kristy ka afaka hiteny sahala amin'I Paoly ka hanao hoe: **"Fantatro Izay inoako."** 2 Tim 1: 12.
Amen !

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra
Zoky Solofo

---

# VAOVAO – SNU

## Fiaraha-miasa Norvège

Misaotra ny Tompo fa efa niverina any Norvezy ireo



Norvezianina 2 vavy (Mitia sy Mamy) izay nipetraka 6 volana teto Madagasikara. Ny Local Ambohidratrimo moa no nandray azy ireo.

- Fianarana teny Malagasy
- Asa sosialy (Akany Avoko Ambohidratrimo)
- Asan'ny Groupe Biblique: Cellules GBU – RG GBU, Iasy English Camp
- Fampianarana (MCA Ambohidratrimo)
- Fitsidihana (Antsirabe, Morondava, Andasibe, Mantasoa)

Ireo amin'ny ankapobeny no notanterahiny teto amintsika. Isaorana ny Tompo izay rehetra afaka niainan'izy ireo ary apetraka amin'ny Tompo mba tena hampandroso sy hampivelatra azy ireo tokoa izany.
Misaotra ny Tompo ny amin'ny ankohonan'i zoky Andriniaina sy Miantso (délégué Ambohidratrimo) izay afaka nampiantrano azy ireo nandritra izay 6 volana izay.
Raha sitrapon'Andriamanitra dia amin'ny volana Jona 2023 no miverina aty Madagasikara i Aina sy Raissa izay lasa any Norvezy nanao izao "Echange culturel" izao.
Misaotra ny Tompo hatrany amin'ny hahafahantsika mandray anjara amin'ity programa ity izay tohanan'ny fanjakana Norvezianina (www.norec.no).

## Fitsidihana ny GBL Diego

Misaotra ny Tompo tamin'ny nahafahana nitsidika ny GBL Diego tamin'ny volana Mars 2023.

Mivavaka ho an'ny GBU Diego isika mba:

- Hahajoro tsara hatrany ao amin'ny Tompo manoloana ireo tsindry sy fanenjehana mety mahazo azy ireo amin'ny maha-mpianatry ny Tompo
- Hahomby amin'ny fianarana izay antony maha-mpianatra
- Hitory amin'ny mpiara-mianatra
- Hahay hiombona sy hiray saina hatrany ny rehetra
- Misaotra ny Tompo ny amin'ny GBA izay manohana tokoa. Tsarovantsika am-bavaka ihany koa ny fiainam-panahin'ny zoky tsirairay, ny asa sy ny andraikitra sahanina.




## PMC-FLE

Raha sitrapon'Andriamanitra dia hanomboka ny programa fiofanana ho an'ny GBU isika amin'ity taona ity. Programa iarahana amin'ny GBUAF izany ka PMCFLE no anarany (Programme Minimum Commun Formation des Leaders Etudiants). Eo am-pamolavolana ny fandaminana rehetra mahakasika azy ity ny mpiandraikitra ka angatahina ny fahazavan-tsaina, fahalalana, fahendrena avy amin'ny Tompo.

## HETSIKA GBU

Apetraka amin'ny Tompo ireo hetsika nokarakarain'ny GBU tato ho ato. Mba ny Tompo tokoa no hampamoa ny voa rehetra nafafy ary hampaharitra ny vokatra.



Ouverture des activités(ODA) GBU Vontonvorona tamin'ny Février 2023. Isaorana ny tompo fa tontosa soa amantsara ny ODA-n'ny GBU Vontovorona. Izy ity moa dia hetsika iray entina hanokafana offisialy ny activités rehetra.. sady entina ampahafantarana ny UGBM /Gbu ihany koa.
START OVER no lohahevitra nentina tamin'izany.

Apetraka amin'ny Tompo ihany koa ny fianarana sy ny asa fanompoana izay voatohatohan'ny grevy.

Fanokafan'ny GBU Toliara ny taom-piasana (18 Mars 2023), 23 ny membre nanao réengagement ary 8 kosa ny C.A sy 2 no nanantanteraka ny CF, ho an'Andriamanitra ny voninahitra. Thème : Profitez-ko ny fahatanorako hizarako famonjena azo antoka.





Lasy izay nataon'ny GBU Mahajanga ny 10/11/12 Mars 2023.Thème: VERS UN MONDE MEILLEUR. Nanao CF :17 ; CA :2. Misaotra ny Tompo.

Lasy fitoriana English Camp 25-26 February 2023. Notanterahin'ny GBU Ambohidratrimo.



# VAOVAO MANOKANA

## CNA II
Camp National des Amis

*« Sakaizan'ny Groupe Biblique, nantsoina hiaina sy hizara Fanantenana azo antoka »*

## FANOLORANA

***"Hoy indray Izy taminy fanindroany: Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va ianao? Dia hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Andraso ary ny ondriko. »***
***Jaona 21:16***

"Miarahaba antsika mpikambana UGBM rehetra manerana ny Nosy amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo.

Misaotra an'Andriamanitra lehibe isika samy mahatratra ity taona 2023 ity izay ikasana hanaovana ny Camp National des Amis II (CNA II) raha samy efa nahavita ny azy ireo zandry U sy S. Araka ny tapaka moa dia aty Toliara no hanatanterahana izany. Ankasitrahana indrindra ny GBA sy ny GBL Toliara amin'ny fanoloran-tenan'izy ireo handray izany.

Ankehitriny dia ao anatin'ny fanomanana tanteraka izahay aty Toliara, ary manentana anareo GBA namana rehetra manerana ny Nosy mba samy hoavy fa elaela ihany izay tsy nihaonana izay.

***Zoky Jean Joseph RAKOTONOELINA,***
Mpandrindra ny Commission
Mpanomanana, ***034 41 020 56***

## FISAORANA

### 1- GBL TOLIARA: COMMISSION MPANOMANA

- Isaorana ny Tompo:

- Ny amin'ny fanapahan-kevitra sy fahavononan'ny GBL Toliara handray ny CNA II
- Fa tafatsangana ny « Commission » mpanomana any an-toerana. Ireto avy izy ireo:

- ***Coordinateur***: Zoky Joseph
- ***Fitaovana sy Logistique***: Tarihan'i Zoky Mahatosoa izay miara-misalahy amin-dry Zoky Christ'Offert, Zoky Daniel
- ***Vola***: Misy an-dry Zoky Fokontsoa sy Zoky Aina Claire
- ***Programation***: Zoky Nomena sy Zoky Aina
- ***Club d'enfant***: Zoky Miza- Zoky Petera – Zoky Vivy
- ***Prière***: Zoky Nirina – Equipe: Zoky Dermonde, Zoky Marthe
- ***Fahasalamana***: Zoky Helmin – Equipe: Zoky Solomon, Zoky Florence
- ***Lakozia***: Zoky Bebiarisoa – Equipe: Zoky Saholy, Zoky Malala, Zoky Ravaka, Zoky Florette
- ***Communication&Secrétariat***: Zoky Voahangy- Equipe: Zoky Sylvie

## 2 - FRAIS DE CAMPS SY TOERANA:

- Isaorana ny Tompo fa efa voafaritra ny toerana hanaovana ny CNA II: ao @ ***Notre Dame de Nazareth Toliara Centre***;

- Isaorana ny Tompo fa efa voafaritra ihany koa ny frais de camp izay nosokajiana tahaka izao:

*<u>**Sakaiza, Sakaizable**</u> :
⇒ 170 000Ar
***Zana-tsakaiza**:
⇒ <u>Niveau Universitaire</u> : 100 000Ar
⇒ Niveau <u>Secondaire</u> : 50 000Ar
⇒ Niveau <u>Primaire</u> (2 ans et plus) : 30 000Ar

***NB: Efa ao anatin'ireo Frais de camps ireo ny VARY sy ny FRAIS DE SORTIE*** (izay mitenitina eo amin'ny 21 500 Ariary eo

## 3 - INSCRIPTION:

- Ireto avy ny sokajin'olona afaka mamonjy ny CNA:
  - Olona nahavita « Adhésion Sakaiza »
  - Olona eo @ GBL na Satelita vonona hanao « Adhésion Sakaiza »
  - Vady na zanaky ny Sakaiza, Saingy vonona hanaraka ny FITSIPIKA MIFEHY sy ny PROGRAMA rehetra ao @ CNA

- Efa misokatra ny fisoratana anarana hiatrehana ny CNA ka any @ Délégué local no manoratra anarana izay handeha(efa misy formulaire fenoina) ary ny Délégué avy eo no mandefa ny liste aty @ local Toliara
- Ny atao hoe ***INSCRIPTION*** dia ***misoratra anarana*** mameno an'ilay fiche ary ***MANDOA AVANCE***. Toy izao ny avance haloa:
  - Sakaiza: 50 000Ar
  - Ankoatr'izay: 30 000Ar
- Fara-fisoratana anarana: Ny Zomà 30 Jona 2023
- Fandefasana ny fisoratana anarana:

Zoky Matoaniaina RALALARIVONY
- Mail: clairematoaniain@yahoo.fr

Miaraka amin'ny AVANCE @:
*Mvola: 038 53 496 56 au nom de RALALARIVONY
*Orange money : 032 53 498 75 au nom de Matoaniaina Claire Ralalarivony

# Fangatahana

## 1 - HO AN'NY COMMISSION MPANOMANA:

- Mivavaka isika ho an'ireo commission ireo mba homen'ny Tompo hery sy fahasalamana ary fotoana hiantsorohany ny andraikitra napetraka taminy ary hahalavorary izany.
- Hisy hatrany ihany koa ny fiaraha-mientan'ny GBA Toliara @ fanomanana rehetra

## 2 - FRAIS DE CAMP SY INSCRIPTION:

- Mivavaha ho an'ny GBA tsirairay mba hanana fanapahan-kevitra mazava (handeha na tsia) mialohan'ny faran'ny fisoratana anarana ny Zomà faha 30/06/23.
- Mivavaha mba samy hahita izay hoenti-manana amin'izany izay rehetra mikasa hamonjy CNA na dia eo aza ny fisondrotan'ny vidim-piainana
- Mivavaka isika mba hizotra tsara ny inscription any @ local tsirairay sy ny fampitan'ny délégué izany any @ Local Toliara

## 3 - FITAOVANA SY LOGISTIQUE:

- Entina ambavaka ny mbola ho fifampiresahana @ tompon-toerana mahakasika ny antsipirihin-javatra ka hiafara amin'ny fanaovana contrat
- Mivavaka isika mba hahita ireo fitaovana rehetra ilaina @ lasy

## 4 - CUISINE:

- Mivavaka isika mba ho vita ny budget cuisine izay mbola andalam-panamboarana
- Mivavaka isika hanomezan'ny Tompo tolo-tsaina ny Commission cuisine mba ho sakafo ara-pahasalamana sy mety @ rehetra no hatao

## 5 - SANTE:

- Mivavaka isika mba hahita ireo matériels médicaux sy fanafody ilaina mandritra ny lasy

## 6 - CLUB D'ENFANT/ ADOS:

- Mivavaka isika mba hisy 1er responsable ny club d'enfant / ados

## 7 - SECRETARIAT ET COMMUNICATION:

- Mivavaha mba ho tafita sy hazava tsara @ local tsirairay ny vaovao rehetra momba ny CNA

## Avy @ Foibe

- Mivavaha isika ny mba hisian'ny firindrana tsara eo @ Commission Locale sy ny Foibe
- Mivavaka isika ho an'ny NTIC Foibe izay hiandraikitra mivantana ny NTIC amin'ity CNA ity
- Mivavaka isika ny amin'ny fanomanana ireo « canevas de formation » ho an'ireo programa tsirairay ary ireo olona izay ampiasain'ny Tompo @ izany. Mba tena hahatratra ny tanjon'ny Tompo.
- Mivavaka isika ny amin'ny fanomanana ny DINIKA rehetra
- Mivavaka isika ny amin'ny fandaminana ny « Péréquation »

*Zoky Eugenot RAZAFINJATO*, SNA
*034 20 011 95*



**Antom-bavaka avy amin'ny IFES**

IFES dia fikambanana ivondronan'ny mpianatra, mpiasa, ary mpanohana maro samihafa, mifandrimbona mba ho fanohanana ireo mpianatra hafa vao ho avy. Andriamanitra no miasa ka mitahy manokana ity fikambanana ity, tamin'ny alalan'ny fahatsaram-panahin'ireo olony maro mahafoy sy malala-tanana ho fanohanana ny asa maro, miaraka amin'ireo mpanohana am-bavaka maro maneran-tany toa anareo, sy ireo manome am-pitiavana mba hahitan'ireo mpianatra voakasikin'ny asan'ny fikambanana ka tonga ho olom-baovao ary tafiditra ho mpikambana amin'ny IFES. Misaotra anao! Miaraka amin'ny vinavinan'ny IFES hitaona mpianatra maro be maneran-tany ho fanitarana ny fikambanana.,
Ry havana malala,
Tao anatin'ny 75 taona nanompoan'ny mpianatra, tantara maro no nambara tamin'ny hetsika nokarakarain'ny IFES sy ny ivon'izany hetsika izany. Ny fitsingerenan'ny taona nifanesy dia manampy ho amin'ny jery todika sy ho fahatsiarovana ireo zava-nitranga maro teto amin'ny fikambanana Izany no antony mahatonga anay hanao fanadihadiana momba ny mpanohana mba hahatakarana ny fomba nahatongavanao hanohana ny IFES, ny zavatra nataon'Andriamanitra tamin'ny traikefanao manokana momba ny IFES, ary koa tianay ny hahafantatra ny fomba entinay hanompoana anao tsaratsara kokoa. Azafady, miangavy anao izahay hanokana dimy minitra hamaliana ireo fanontanian' ny fanadihadiana alefa miaraka amin'ity diarin'ny vavaka ity. Ny fijerena ny lasa, izay fomba ahafahantsika manomana ny ho avy sy manao drafitra, dia tena ilaina. Ny faritry ny IFES tsirairay, ny minisitera ary ny hetsika rehetra dia manana drafitra ho amin'ity taona ity, izay miseho eny amin'ny campus sy amin'ny hetsika manerana izao tontolo izao. Azafady, miangavy anao izahay mba ampiasa ireto vavaka ireto mba ho isan'ny fiomboananao am-po amin'izy ireo ary koa ho fanohanana azy ireo mandritra ny telo volana manaraka. Misaotra betsaka anareo amin'ny fanohanam-bavaka ataonareo fa isan'ny motera hampandroso ny fanompoana izany. izay tsy handroso ny asa fanompoanay raha tsy misy izany.

Jill bain,
Misahana ny serasera eto anivon'ny IFES

## Faritra Azia Atsimo

- Deraina ny Tompo noho ny faha-40 taonan'ny FOCUS Sri Lanka. Hitahy ny fiombonana anie Izy ary hikasika fo maro be amin'ny alalan'ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana.
- Isaorana ny Tompo fa voadikan'ireo ekipa Bangladesh BSFB amin'ny fitenim-paritra 4 samihafa ny Baiboly. Dera ho Azy ny amin'ireo izay afaka mamaky izany amin'ny fiteniny avy.
- Hoentintsika am-bavaka ny fiaraha-miasan'ny foibe any Népal NBCBS amin'ny mpitondra fiangonana amin'ny hijerena ny lanjan'ny asa fitoriana atao amin'ny mpianatra.
- Deraina Andriamanitra ny amin'ny fitohizan'ny fivondronan'ny vehivavy ao amin'ny IFES Azia Atsimo izay manome toerana ny vehivav hiandraikitra ho fifamporisihina sy fifanohanana mba hahafahana mampitombo ny enti-manana ho an'ny asa fitoriana.
- Hangatahantsika amin'Andriamanitra ny hananan'ireo vondrona UESI Inde any Rajasthan vondrom-bavaka misy fiantraikany sy ny hanomezany azy ireo izay ilainy amin'ny fiandraiketana izany.
- Mivavaka ho an'ireo firenena ahitana faritra ianjadian'ny « fuite de cerveaux » isika mba hahatsapan'ireo nahavita fianarana ny antso ny hijanonany ka hanompoany eo anivon'ny fiombonana any an-toerana.

## Amerika Avaratra

- Mangataka ny fitarihan'ny Fanahy Masina isika ny amin'ny fiahamiasan'ireo mpampiofana ny InterVarsity: Kathy, Justin, Christy ary Anne, ho fampiroboroboana ny fahombiazan'ny asa fitoriana izay ataon'izy ireo.
- Mivavaka ho an'ireo mpianatra mpikambana manerana ny Amerika Avaratra isika mba hijoro amin'ny finoany ka isaky ny fitoriana ataon'izy ireo

miaraka amin'ny fandaharan'asa napetraka dia hisy vokatra vaovao hita.

- Mivavaka ho an'i James isika ny amin'ny fanohanany ireo InterVarsity nanavita fianarana izay hiampita amin'ny sehatr y ny asa rehefa avy nandalina sy nianatra ka afaka ny haneho ny dikan'ny hoe Kristiana any amin'ny asan'izy ireo.

- Deraina Andriamanitra fa misy mpikambana GBU Canada any amin'ireo Oniversite 11 ary mpikambana collégiens any amin'ireo colléges 11 any Québec. Hangatahantsika amin'Andriamanitra ny hisian'ny fifanakalozana arakolotsaina eo amin'ireo mpikambana eny amin'ny campus amin'ny fanehoana amin'ny mpianatra tsy mahafantatra an'i Kristy ny dikan'ny hoe manana Azy.

- Ny mpiandraikitra ao amin'ny InterVarsity/USA's Link dia miasa eo anivon'ny IFES maneran tany. Hangatahantsika Andriamanitra hanoro lalana azy amin'ny asa fitoriana hatao amin'ny mpianatra ho an'ny taona ho avy ka any amin'izay toerana sy faritra tian'ny Tompo hitoriana no handehanana.

## IFES Foibe




- Nanao ny aina tsy ho zavatra ireo mpiandraikitra ao amin'ny Services Internationaux IFES hahafahana mampita ny Base de donné vaovao sy ny hanomezana izany système izany en ligne. Hoentina am-bavaka mba hisy olona hanolo-tena hiandraikitra ny fampiasana ireo fitaovana vaovao ireo ka ho mpiara-miasa amin'ny IFES.
- Mivavaka isika mba hanomezan'Andriamanitra fahendrena sy fahazavantsaina ho an'ireo mpiandraikitra amin'ny fandraisana fanapahankevitra.

- Mivavaka ho an'i David Bahema isika amin'ny fanohanany ny Secrétaire Régional_an'ny IFES amin'ny fitadiavana mpiandraikitra any amin'ny faritra misy azy avy amin'ny fanofanana, fanohanana ary fampaherezana azy ireo.

- Isaorana an'Andriamanitra ny fisian'ireo afaka misolo toerana ny mpiandraikitra anaty fialan-tsasatra. Angatahantsika ny Tompo hamerina ny hery indray ho an'ireo miala sasatra ary hanome izay rehetra ilaina ho an'ireo misolo toerana.

- Deraina Andriamanitra ny amin'ireo mpanompo mahatoky izay mpikambana ao amin'ny IFES any amoron-tsiraka. Maro amin'izy ireo no efa eo am-pamaranana ny fotoam-piasany amin'ny fahavaratra ho avy io. Mangataka amin'Andriamanitra isika ny hombany azy ireo mandrapahavitan'ny volana farany iasany.

- Isaorana Andriamanitra ny amin'ny fitahiany amin'ny alalan'ny Paska ka nahafahan'ireo mpianatra mpikambana nizara ny vaovao mahafaly momban'ny nahafatesan'i Kristy sy ny nitsanganany indray.

- Vao haingana no nanao fihaoana ireo mpiasan'ny IFES vaovao mba ho fifankafantarana izy ireo sy fampiofanana. Hoentina am-bavaka ny fifandraisan'izy ireo ary ny fiofanana izay natao mba tena hanampy azy ireo amin'ny hetsika maharitra izay hatao.

- Hanatrika Iasim-piofanana "Committee Members Training Camps" ireo mpianatra mpitarika ao UESI India, amin'ny volana Jona. Mivavaha ho azy ireo mba ho mpanompo mahatoky amin'ny anjara asa tsirairaay avy.

- Mangataka amin'Andriamanitra mba hamatsiany ireo Mpiandraikitra "STAFF" izay manokana fotoana ho @ fandalinanana ny tenin'Andriamanitra mba hisy vokany eo @ seham-pitoriana sy handrosoana lalina ny fifandraisana @ I Kristy.

- Mivavaha ho an'Ireo nanemotra ny asa fanompoana noho ny tsy fahandriam-pahalemana sy antony hafa koa. Mangataka amin'Andriamanitra ny hitahiany azy ireo sy hanana faharetana faharetana sy ny hamoronan'izy ireo fomba vaovao hampandehanana ny programa sy hetsika izay hatao.

- Isaorana an'Andriamanitra ny amin'ireo mpiasa "STAFF" sy mpilatsaka an-tsitrapo niofana tamin'ny "Indigenous Support Development" Fanohanana sy Fampandrosoana ireo tena tompon-toerana. Izy ireo dia efa nahita toe-javatra isan-karazany ny fahalalahan-tanana tamin'ny endriny maro samihafa.

## Moyen Orient sy Afrika Avaratra

- Mangataka isika ny homban'Andriamanitra ny asa fitoriana izay ataon'ireo loha laharana amin'izany ka hananany hevitra tsara hitaomana ireo mpianatra tsy manana namana Kristiana.

- Deraina Andriamanitra nanome fahafahana nanangona ireo mpianatra Kristiana avy amin'ny foko samihafa tamin'ny alalan'ireo hetsika isam-paritra sy isam-paritany ka ny finoan'izy ireo no tetezana nentina nampitambatra ny kolotsainy avy.

- Mbola mitohy hatrany ny vavaka ho an'i Syria izay firenena mbola miaina ao anatin'ny vokatr'ilay horohoron-tany vao tsy ela akory izay tamin'ity taona ity.

- Mivavaka ho an'ireo mpianatra mpikambana any amin'ny firenena miaina ny tsindry ataon'ny fitondram-panjakana isika. Hangatahantsika ny

fahefan'Andriamanitra hanapaka ambonin'ny fahefana rehetra eto amin'izao tontolo izao.

- Hangatahantsika amin'Andriamanitra ny mbola hitohizan'ny fiasany any amin'ny asa fitorian'ireo izay afaka hanatrika ny fiofanana isam-paritra ho an'ireo mpitarika any Afrika Avaratra.

- Isaorantsika Andriamanitra manome fo mazoto manompo ho an'ireo mpianatra mpikambana ao amin'ny LIVF Liban ka afaka manampy ireo mpikambana hafa sahirana na dia eo aza ny fahasarotana ara-toe-karena iainan'izy ireo.

- Mivavaka ho an'ireo mpianatra mpikambana any amin'ny firenena miaina ny tsindry ataon'ny fitondram-panjakana isika. Hangatahantsika ny fahefan'Andriamanitra hanapaka ambonin'ny fahefana rehetra eto amin'izao tontolo izao.

- Hangatahantsika amin'Andriamanitra ny mbola hitohizan'ny fiasany any amin'ny asa fitorian'ireo izay afaka hanatrika ny fiofanana isam-paritra ho an'ireo mpitarika any Afrika Avaratra.

- Isaorantsika Andriamanitra manome fo mazoto manompo ho an'ireo mpianatra mpikambana ao amin'ny LIVF Liban ka afaka manampy ireo mpikambana hafa sahirana na dia eo aza ny fahasarotana ara-toe-karena iainan'izy ireo.

## Amerika Latina

- Mivavaka ho an'ireo rahalahy sy anabavy any Chili isika mba ho tafaverina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra raha nitrangana fahamaizana goavana, izay nahamay velaran-tany lehibe ny volana Febroary lasa teo, indrindra ho an'ireo miasa ao amin'ny ivon-toerana fivoriam-paritany izay niharan'ny fahasimbana mivantana.

- Nanao fihaonana ho mariky ny fiombonana sy niofana ireo mpianatra mpikambana GBUU Urugay tamin'ny volana lasa teo. Hoentintsika am-bavaka mba hijoro am-pahasahiana izy ireo rehefa miverina any amin'ny Campus.

- Entina am-bavaka ireo mpikambana mpitarika vaovao any an- toerana mba hahery sy harisika ary hanana fahasahiana mifototra amin'ny finoana.

- Andriamanitra no angatahantsika hanohy ny fanohanany ara- pitaovana sy hanolotra mpitarika isam-paritra toa an'i Idalcy Aguilar, izay Secrétaire Générale_an'ny CEC Panama.

- Misaotra an'Andriamanitra ny amin'ny fanohanana ataon'ireo ekipan'ny IFES Amérique Latine any amin'ny ireo faritra manamorona an'i Caraïbe miteny Espagnol, izay tena ilàna fanamby lehibe. Andriamanitra anie hampitombo hatrany ny risika ao amin'izy ireo.

- Mangataka amin'Andriamanitra isika hanomezany hery ireo mpianatra mpikambana ao amin'ny ADEE République Dominicaine raha hiatrika fanombohana taom-pianarana indray.

## Azia Atsinanana

- Apetraka amin'Andriamanitra ny fanavaozana mpiandraikitra izay efa niasa ela ka hananganany olona maromaro indray hiandraikitra ao amin'ny FCS Mongolie.

- Mangataka amin'Andriamanitra isika mba hitombo ny isan'ireo mpianatra handray anjara amin'ny hetsika izay hatao any Okinawa ka hahalalim-paka ny fiombonana amin'ny alalan'ny fivoriana in-1 mandeha isam-bolana.

- Vao haingana i Lisman Komaladi no nanomboka niasa tao amin'ny IFES Azia Atsinanana amin'ny maha Secrétaire Régional azy. Mivavaka ho azy isika mba hihaino ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'ny fikatsahana ny ezaka ataony ho an'ny hetsika hatao ho an'ireo mpitarika any amin'ny faritra misy azy.

- Mangataka amin'ny Tompo ny fitarihany isika ho an'ireo mpiandraikitra mba hisy mpandimby.

- Deraintsika Andriamanitra izay nanome fahazaina ho an'ny mpianatra mpikambana sy ny mpiandraikitra ao amin'ny TVF Korea ka afaka namorona sary fampahafantarana ny fivorian'izy ireo ao amin'ny Instagram.
- Misaotra an'ny Tompo ny amin'ny CEF Taiwan izay afaka mikarakara hetsika misiona ho an'ny mpianatra amin'ny alalan'ny fifanakalozana ara-kolotsaina hitaomana mpifindra monina miasa any.

## Afrika miteny anglisy sy portuguese

- Isaorana an'Andriamanitra ny amin'ny fitoriana ny filazantsara izay natao tao SCOM Malawi, izany dia nahitana ny fijoroana vavolombelon' ireo mpianatra tamin'ny onjam-peo teo an-toerana.

- Hoentina am-bavaka ireo mpianatra ao ABEMO Mozambika mba ho bitsihin'ny Fanahy Masina ny fony ka hanome lanja ny fanontaniana amin'ny "APOLOGETIC". Hoentina am-bavaka ihany koa mba ho horakofan'ny herin'Andriamanitra hatrany izy ireo ny amin'ny ady izay hatrehiny.

- Mangataka amin'Andriamanitra mba hitahiaNy ny toeram-pambolena ao FES Gambia, io dia tetikasam-pambolena izay natsangana ho minisitera iray mba hanome loharanom-bola maharitra sy ho fianaran'ny mpianatra ny fahaiza-manao vaovao.

- Deraina ny Tompo ny amin'ny nahafahan' i FOCUS Zimbaboe nanangona mpianatra 250 tamin'ny fihaonambem-pireneny tamin'iny taona lasa iny. Angatahina ny Izy mba handray an-tanana hatrany ny amin'ny hetsika maro izay kasaina hoatao amin'ity taona manaraka ity.

- Hanaraka fiofanana ry zareo mpianatra ao ZAFES Zambia amin'ny herinandro hoavy izao mba ho fiomanan'izy ireo amin'ny fitoriana filazan-tsara amin-kerim-po. Hoentina am-bavaka ho tarihin'ny Fanahy sy hampiatra tsara izay nianarana.

## Caribbean

- Mangataha fitahian'Andriamanitra amin'ny ekipam-paritra voahantso hikarakara ireo ankizy sisa tao aorian'ny COVID, izay mpianatra manompo amim-pahatokiana manerana ny faritra. Angatahana @ Andriamanitra mba haharitra amin'ny fikelezan' ainy.
- Isaorana manokana LATAVIA satria izy ireo ihany no ekipan ny IS/IVCF Cayman Islands miasa tontolo andro. Izy ireo dia nahare ny antson'Andrimanitra manokana ho STAFF ka niala avy any Jamaika.
- Mangataka an'Andriamanitra ny amin'ny tetik'asa fampitaovana ireo mpiasa sy hamatsiany azy ireo amin'ny alalan'ny fianarana Baiboly izay loharano miboiboika ho entina amin'ny asa fanompoana.
- "Ny fitiavana tsy ho levona! Mivavaha ho an'ny Mpianatra Kristiana ao amin'ny Oniversiten'i Belize mba hizara Ilay fitiavan' Andriamanitra azy ireo amin'ny mpiara-mianatra mipetraka eny amin'ny campus." – IS/IVCF Belize
- Mivavaha ho an'ny ireo mpianatra ao amin'ny ISCCF Saint Vincent sy Grenadines izay vao haingana no nanokana fotoana nieritreretana ny fahatsaran'Andriamanitra izay manery antsika hitory ny filazantsara.
- Manana fotoana voatokana hitondrana am-bavaka ny ekipan'ny IFES ao Karaiba. Angataho amin'Andriamanitra izany fanoloran-tena amin'ny vavaka izany mba tena ho ohatra tsara ho an'ireo mpianatra ireo mpiasa ireo.

## FITORIANA FILAZANTSARA

- Mivavaha ho an'ny vondrona (ekipa) ao amin'ny faritr'i Caraïbe izay hiasa hanomboka tetik'asa amin'ity taona ity - The CARIFES Academy - izay hampiofana ireo mpianatra manerana ny faritr'i Caraïbe amin'ny fitoriana ny filazantsara sy fianarana Baiboly.

- Mivavaha mba hananan'ireo mpianatra taona voalohany ireo ny fahasahiana hizara an'i Kristy amin'ireo namany sy hitaona azy ireo amin'ny fianarana Baiboly.

- Misaotra ny amin'ireo mpianatra toa an'i Gian sy Albert avy amin'ny GBU any Espagne izay manam-pahasahiana manontany ireo mpiara-mianatra amin'izy ireo hoe: " Inona no mahatonga anao hahatsapa fa tiana?" amin'ny fitarihana ny hetsika karakarain'izy ireo ao anatin'ny herinandro antsoina hoe " Human".

- Mivavaha ho an'ireo izay mivondrona (mivory) vao tsy ela momba ny fihaonambe manokana miteny frantsay (Special French-speaking conference) an'ireo mpitory filazantsara Eropeana, izay fanitarana ny programa FEUER.

- Ny SKSK Géorgie dia nanao ny fihaonamben'izy ireo mitondra ny lohahevitra hoe "Zero". Lasy tao anatin'ny faran'ny herinandro ho an'ny mpianatra tsy kristiana izay liana amin'ny famantarana bebe kokoa ny momba ny maha kristiana. Andao hangataka amin' Andriamanitra hanohy hitaona azy ireo ho eo Aminy.

- Miderà an'Andriamanitra noho ireo mpanome ho an'i IFES izay namela fanomezana ho azy tamin-tsitrapo, mamela an'i IFES hampiasa vola amin'ny fitaovana fitoriana FILAZANTSARA vaovao hanampiana ireo mpianatra hitory an'i Kristy ao amin'ny "campus".
- Misaora ny amin'ireo andiana miaramila izay manambatra ny finoany sy ny fianarany amin'ny fanohanana ny IFES sy ny fandraisana an-tanana ny tontolo.

- Derao Andriamanitra ny amin'ny hafahana manolotra ny E-FIANARANA / E-learning go an'ny mpiasa maneran-tany mba hafahan'izy ireo mifandray sy mianatra miampita amin'ny sisin-tany.

- Fitahiana lehibe ho an'ny hetsika kely ao amin'ny faritra ny mpiasa tanora IFES ao Europe Network izay mpanoro-hevitra. Mivavaha ho azy ireo fa hifampahery sy hiombina izy ireo amin'ny 9- 12 May ho avy izao.

- Misaora amin'izao fotoana izao tamin'ny nahatsiarovantsika ny fitsanganan'I Jesoa Kristy. Misaora fa ao am-pon'ny mpianatra sy ny fonenan'izy ireo manerana izao tontolo izao fa Izy no Andriamanitra.

- Nisy fiofanana vao haingana ho an'ny vaovao momba ny fitantana program any amin'ny fanitarana ny ekipan'ny IFES Nasionaly ao amin'ny filankevim-pitantanana mba hitarika amin'ny fahamendrehana sy fahombiazana ary amin'ny fahazotoana. Mangataha amin' Andriamanitra mba hampahery ireo mpampiofana vaovao sy ny vokatry ny asany.

## PASIFIKA ATSIMO

- Ny mpiasan'ny PSFC FIJI dia mangataka antsika mba hivavaka ho an'ny mpianatra mba ny fahamatorany no hitarika azy amin'ny fifandraisany amin'Andriamanitra sy ny hafa.

- Andriamanitra no nametraka fitiavana mpianatra ao amin'ny GBU NEW CALEDONIA, mangataha mba

Izy no ho loharano sy hampisy aingam-panahy amin'ny iraka any.

- Mivavaha ho an'ny mpiasa izay miasa mitokana amin'ny toerana alavitry ny mpiara-miasa. Mangataha mba ho mety amin'izy ireo ny teknolojia mba hifandraisan'izy ireo amin'ny faritra ny amin'ny fianarana sy ny fifampizarana.

- Nanao famelabelarana momban'ny Paska ny TSCF PAPUA NEW GUINEA tamin'ny Aprily teo.

- Mivavaha mba hiova nohon'ny tenin'Andriamanitra ny fiainan'ny mpianatra ary koa mba hamporisika ny hafa ny fijoroany ho vavolombelona.

- Ny areti-mifindra dia nitarika ny fambolena indray ny vondrona maro nanerana ny Pasifika Atsimo. Mivavaha ho an'izay ao anatin'izany ministera izany mba hahitan'izy ireo izay nahazo marim- pahaizana teo an-toerana sy ireo fiangonana afaka hanampy amin'ny fanoroana ireo mpianatra mpitarika.

- Mivavaha ho an'ny mpianatra kristianina amin'ny taona voalohany manerana ny AFES AUSTRALIA izay miorim-ponenana eny amin'ny oniversity ary hanorim-ponenana eny mba hananan'izy ireo fahazotoana hanantona an'ireo manodidina azy.

# EOROPA

- Misaora ny amin'ny LKSB LATVIA an'ny fanaovana mpianatra, izay manohana ny mpianatra amin'ny fianarana Baiboly sy ny fampaherezana azy ireo mba hampandeha ny finoany.

- Mivavaha ho an'i Petera sy ireo mpiasa hafa miasa miaraka amin'ireo nahazo marim- pahaizana manerana an'i Eoropa mba hanampiana azy ireo ho tonga fanilon' ny filazantsara any amin'ny toeram-piasany.

- Ny mpianatra SEAM MACEDONIE dia mitana misiona isak'erinandro. Mangataha mba hamatsian'Andriamanitra ny ilain'izy ireo sy mba hanome azy ireo fahasahiana hahatratra ny fonenan'ny mpianatra.

- Mivavaha ho an'ny mpianatra STEP CROATIE fa te hampitombo lalina amin'ny fifandraisany manokana amin'Andriamanitra izy ireo.

- Misaora ny amin'ny mpianatra CREDO SUEDE izay mieritreritra ny hampisy akony ny finoany amin'ny anjara asany amin' ny maha mpamantatra toetr'andro azy. Mangataha amin'Andriamanitra hanampy azy ireo hizara ny amin'ny fiahian'Andriamanitra ny olona tsirairay sy ny zava-boary.

- Mangataha amin'Andriamanitra mba hiasa tamin'ny alalan'ny fisitahana momba ny fanarenana sy fanavaozana izay nataon'ny GBEU SUISSE, enga anie mba hahakasika ireo namana tsy kristianina izay noentina tany io fotoana io.

# EURASIE

- Misaora ny Tompo lehibe noho ny amin'ireo mpianatra avy amina firenena mandalo fahasarotana izay mifanohana sy mitory amin'ny namany, ka maro amin'izy no tonga mahafantatra ny Tompo.

- Miderà ny Tompo isika nohon'ny nahafahana namatsy ara-bola ny ministera any amina firenena vaovao iray, ka nahafahan'ireo mpianatra nivory tao amin'io firenena io.

- Mivavaha isika ho an'ny fiarovana ireo mpiasa, mpirotsaka an-tsitrapo, ary ny mpianatra any amin'ny firenena iray izay ahatsapana fa ny tsy fahafahana dia midika ho fisalasalana sy fanaovana ambanin-javatra ny asa fanompoana.

- Miderà ny Tompo nohon'ny nahafahana nizara ny tenin'Andriamanitra tao amina firenena iray izay vao avy niaina fikorontanana tanteraka. Ny tenin'Andriamanitra anie ho jiro manazava azy ireo ao antin'ny fahasarotana.

- Mangataha amin'ny Tompo mba hisy fiombonana eo anivon' ny mpianatra sy ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeby any Moldova, indrindra amin'ireo mampiasa fiteny samy hafa.

- Miderà ny Tompo isika noho ny nanomezany toerana ahafahan'ireo mpianatra mivory an-kalalahana any amin'ireo toerana ianjadian'ny fanenjehana kristiana. Mangataka amin'ny Tompo mba ho toerana ahafahana mandray ireo mpianatra vao itoriana io toerana io.

# FAMAKIANA LAY

- Mivavaha isika ho an'ny ekipa FOCUS Kenya fa maniry ny hampitombo avo roa heny ny mpiandraikitra ny ekipa izy ireo satria maro ireo sekoly teknika vao nosokafan'ny fanjakana.

- Mangataha amin'ny Tompo mba hombany ny mpiandraikitra eo anivon'ny IFES izay manohana hatrany ireo mpitory filazantsara any amin'ny faritra maro, mba hahatonga ho mpianatry ny Tompo ireo firenena sy tanàna itoriana ny filazantsara.

- Ny IFES Europe's InterAction program dia mandray ireo mpianatra vao nahavita fianarana ho mpirotsaka an-tsitrapo aminy fikambanana avy amin`ny firenena manana kolontsaina samihafa na koa miaraka amin`ny mpianatra maro maneran-tany. Mivavaha ho an'ny firoboroboan'izany asa izany.

- Miderà ny Tompo isika nohon`ny amin'ireo mpianatra britanika roa, ny iray avy ao Scotland ary ny iray avy ao Angleterre, izay hany kristiana ao

amin'ny Oniversite misy azy ireo, nahavita nitory filazantsara tamin'ny namany tamin'ity taona ity. Mangataha amin' ny Tompo ny mba hanomezany izany fikirizana izany ho an'ny mpianatra rehetra.

- KFS Greenland dia mitady mpiasa vaovao hanohana ny asa fitoriana izay atao. Mangataha amin'ny Tompo mb hanomezany izany olona izany.

- Ny IFES dia manomana tetikasa fanohanana ara-bola ho an'ny asa fitoriana ny filazantsara tanterahin'ny fikambanana rehetra manerana izao tontolo izao. Miderà ny Tompo noho ny fisian'ireo mpikambana ampy traikefa afaka manome toro-lalana.

## AFRIKA MITENY FRANTSAY

- Mangataka amin'Andriamanitra mba hiaro ireo mpianatra mitory amin'ireo toerana feno fampihorohoroana ataona vondrona hafa, ka hananan'izy ireo fahasahiana mitory amin'ireo mpianatra namany na dia eo aza ireo fanenjehana mahazo azy ireo.

- Miderà an'Andriamanitra noho ny nahatratrarn'ny Groupe biblique ao Burkina Faso ny faha 50 taonany. Mangataka amin'Andriamanitra @ fitantanany ny asa eo anivon'ny mpianatra amin'izao 50 taona manaraka izao indray.

- Andao hitohy hivavaka ho an'ny GBU Togo mba ho sahy hanolotra ny tenany ho fitaovana mahomby ho an'ny asan'Andriamanitra ka hatoky Azy hatrany ary tena hitombo fiombonana ihany koa.

- Mivavaha isika ho an'ny fikambanana mpianatra UJC Chad izay vao nahazo fiofanana momba ny Etude biblique inductive, izany hoe mampiasa O-I-A. Ny Tompo anie haneho amin'izy ireo ny voninahiny amin'ny alalan'ny teniny.

- Misaora ny Tompo ny amin'ireo nahavita fianaranarehetra ato anatin'ny faritra izay mangetaheta sy mazoto hatrany ny hanompo an'Andrimanitra na dia eo aza ny asa sy ny adidy amin'ny fianakaviana.

## ASA FITORIANA

- Mivavaha ho an'ny ekipa avy any Caraibe (Carbibbean Team) izay nanomboka tetikasa vaovao mifottotra amin'ny fitoriana filazantsara sy ny fandinihana Soratra masina. "The CARIFES Academy" no anaran'io tetikasa io.

- Mivavaha ho an'ireo mpianatra taona voalohany mba hananan' izy ireo fahasahiana hitory amin' ny namany sy hnasa azy ireo mba hiara-handinika tenin'Andriamanitra.

- Misaora ny Tompo ny amin'ireo mpianatra toa an'i Gian sy Albert, GBU ao Espagne, izay nanontany ireo mpianatra namany tamin'ny fahasahiana hoe: "Inona no ahatsapanao fa tiana ianao", izay nentina nanomboka ny hetsika "Human" nokarakarain' izy ireo.

- Mivavaha ho an'ireo izay nanatrika ny famelabelarana amin'ny teny frantsay natokana ho an'ny Evanjelisitra avy ao Europe, io dia fanitarana ny FEUER program.

- Ny SSSK Georgia dia mikarakara famelabelaran-kevitra "Zero", lasy mandritra ny faran'ny herinandro natokana ho an'ny mpianatra tsy kristiana hampahafantarana azy ireo momba ny maha-kristiana. Mangataha amin'ny Tompo mba hitarihana azy ireo ho ao Aminy.

- Miderà ny Tompo nohon'ny fisian'ireo mpanome an-tsitrapo ho an'ny IFES,

- nahafahana namatsy fitaovana vaovao ny asa fitoriana izay atao eny amin'ny Anjery manontolo.